mefboky

n/l°3

BULLETIN D'INFORMATION
TATI-BAOVAO

1ère quinzaine/Novembre 2026
Tapabolana voalohany/Novambra 2026

DIRECTION DE LA COMMUNICATION DU MINISTÈRE DE L'ÉCONOMIE ET DES FINANCES

Matoam-baovao/Sommaire

ÉCONOMIE
Un objectif de croissance ambitieux

PLFI 2027
Réorientation de la politique fiscale

BUDGET DE L'ÉTAT
Discipline accrue, investissements ciblés

RECETTES PUBLIQUES
Vers une meilleure mobilisation

STABILITÉ DES PRIX
Une priorité pour le Gouvernement

ADMINISTRATION DOUANIÈRE
La lutte contre la corruption s'intensifie

L'INFO en BREF

TOEKARENA
Mazava ny tanjona

FAMPIAKARANA NY VOLAM-PANJAKANA
Fanamby iraisana lehibe

PLFI 2027
Hampitombo ny vola miditra amin'ny kitapom-bolam-panjakana

FADINTSERANANA MALAGASY
Mihamafy ny ady amin'ny kolikoly

FITATERANA ENTANA
Andrin'ny fampande-hanana ny toekarena

DRAFITRA FANAINGANA NY TOEKARENA
Fitomboan'ny harinkarena faobe ho 7,3 % ny tanjona

VAOVAO tapa TAPANY


Echo des Régions


La quinzaine en chiffres / Agenda

Un objectif de croissance ambitieux

Madagascar prépare un nouveau programme de relance économique pour la période 2027-2028, avec un objectif de croissance de 7,3 % et la création de 40 593 emplois. Le Plan de relance économique (PRE) entre dans sa phase de finalisation, avec la définition d'indicateurs destinés à mesurer les résultats des politiques engagées.



Dans cette perspective, le Ministère de l'Économie et des Finances (MEF), par l'intermédiaire de la Direction générale de l'Économie et du Plan (DGEP), a organisé dernièrement un atelier technique à Antsirabe, avec l'appui du Programme des Nations unies pour le développement (PNUD). Des représentants du Ministère de l'Énergie et des Hydrocarbures, de l'Office malgache des hydrocarbures (OMH) et de l'Institut national de la statistique (INSTAT) ont notamment participé aux travaux. Les discussions ont porté sur la consolidation des indicateurs et leur traduction en objectifs quantifiables. La démarche doit permettre d'évaluer les progrès du programme et de disposer d'outils de suivi pour orienter les interventions publiques. L'atteinte des résultats annoncés dépendra notamment du niveau des investissements, de la coordination entre les administrations et le secteur privé ainsi que de la capacité à surmonter les contraintes pesant sur les activités productives.

Les travaux ont également examiné l'articulation du PRE avec deux autres dispositifs : le Socio-Economic Response Plan (SERP) et le Development Emergency Modality (DEM). Le premier accorde une attention particulière au secteur énergétique, considéré comme déterminant pour la reprise industrielle et économique. Le second vise à renforcer les mécanismes de protection sociale face aux crises et aux chocs économiques. La mobilisation des financements et la concrétisation des engagements constitueront les principaux enjeux de cette stratégie.



PLFI 2027

Réorientation de la politique fiscale

Le Projet de Loi de Finances Initiale (PLFI) 2027 prévoit une réorientation de la politique fiscale de Madagascar, avec un double objectif : soutenir la production nationale et accroître les recettes de l'État. Les mesures proposées combinent relèvement de certains droits de douane, ajustements de taxation et modernisation des procédures de collecte.



Sur le volet industriel, le Gouvernement envisage de porter de 20 % à 30 % les droits de douane applicables à plusieurs produits finis importés, notamment les confiseries, chocolats, biscuits, boissons, bières, conserves de poisson et savons. Cette disposition vise à renforcer la position concurrentielle des fabricants locaux et à encourager la transformation des matières premières sur le territoire national. Le projet prévoit également des droits d'accise différenciés sur les cosmétiques et certaines préparations d'hygiène, fixés à 5 % pour les produits fabriqués localement contre 10 % pour les importations.

D'autres modifications répondent davantage à un objectif de rendement budgétaire. Les droits de douane sur les smartphones et certains objets connectés passeraient ainsi de 20 % à 30 %. La taxation du gazole serait alignée sur celle de l'essence, avec une taxe portée de 228 à 503 ariary par litre. Le texte prévoit aussi une révision des droits de timbre sur les visas et du minimum de perception de l'impôt sur les revenus salariaux et assimilés (IRSA), relevé de 3 000 à 5 000 ariary.

Selon les projections du projet, les modifications tarifaires devraient procurer 305,69 milliards d'ariary de recettes supplémentaires en 2027. La digitalisation constitue un autre axe de la réforme. La généralisation de la facturation électronique pourrait générer 57,9 milliards d'ariary, tandis que le marquage numérique des boissons alcoolisées et des cigarettes est estimé à 41,83 milliards. Les mesures administratives dans leur ensemble devraient rapporter 302,9 milliards d'ariary additionnels. Pour le Ministère de l'Economie et des Finances (MEF), l'application de ces dispositions devra pouvoir concilier rendement fiscal, compétitivité des entreprises et préservation du pouvoir d'achat.

Discipline accrue, investissements ciblés

La Gouvernement entend faire de l'efficience des dépenses publiques et du ciblage des investissements les principaux axes de sa politique budgétaire en 2027. Présentant les orientations du Projet de loi de finances initiale (PLFI), le 9 novembre 2026 à Ambatonakanga, à Antananarivo, le Ministre de l'Économie et des Finances, Dr Ramiarison Herinjatovo Aimé, a défendu une approche fondée sur la rigueur dans l'allocation des ressources, la mobilisation des recettes intérieures et le financement des secteurs prioritaires.



Le Ministre Dr Ramiarison Herinjatovo Aimé

Déposé récemment à l'Assemblée nationale, le projet de budget prévoit de privilégier les investissements répondant aux besoins essentiels de la population et susceptibles de soutenir la relance économique. Le Ministre a insisté sur la nécessité de justifier les inscriptions budgétaires par leur contribution au redressement socio-économique du pays, après plusieurs années de difficultés. Cette orientation s'inscrit également dans le cadre des engagements de Madagascar auprès du Fonds monétaire international (FMI) et de la Banque mondiale.

La nouvelle approche repose sur trois principes : discipline, suivi et évaluation des résultats. Dans ce cadre, le Ministère de l'Economie et des Finances (MEF) a réactivé plusieurs instruments de gouvernance budgétaire, notamment les revues trimestrielles de l'exécution du budget et le Conseil supérieur budgétaire et financier (CSBF). Les revues trimestrielles permettent d'examiner régulièrement la consommation des crédits par les différents départements ministériels, d'identifier les retards d'exécution et d'évaluer les performances dans l'utilisation des ressources allouées. Le CSBF intervient, pour sa part, dans le contrôle de la gestion des deniers publics et le traitement des irrégularités constatées. Les résultats sont déjà perceptibles car le taux d'exécution budgétaire a ainsi atteint 88 %, contre un niveau qui dépassait difficilement les 60 % auparavant.

Concernant le ciblage des investissements, le Ministre a souligné que l'objectif premier est de booster le secteur agricole. Le développement des infrastructures doit contribuer à étendre les superficies cultivables, à accroître la production nationale et, à terme, à réduire la dépendance aux importations alimentaires. L'éducation constitue un autre secteur prioritaire. Le PLFI 2027 prévoit des mesures reposant notamment sur les recrutements et la construction d'infrastructures scolaires. Sans oublier l'appui au secteur énergétique ainsi que les infrastructures routières et sanitaires. Ces investissements s'inscrivent dans une volonté de renforcer les capacités des services publics essentiels.

Sur le volet des recettes, le Gouvernement ambitionne de porter le taux de pression fiscale à 12 % en 2027, contre environ 10 % actuellement. Le Ministre a indiqué que la faiblesse de cet indicateur représente un manque à gagner annuel estimé à 900 milliards d'ariary pour les finances publiques. Soumis à l'examen du Parlement durant la session en cours, le PLFI 2027 devra ainsi concilier financement des priorités économiques, amélioration des recettes et maîtrise de la dépense publique.

Vers une meilleure mobilisation

La mobilisation des ressources intérieures et le contrôle de leur utilisation ont été au centre d'une réunion tenue le 9 novembre 2026 au Palais d'État d'Iavoloha, entre le Président de la Refondation de la République (PRRM), le colonel Michaël Randrianirina, les responsables du Ministère de l'Économie et des Finances (MEF), conduits par le Ministre, Dr Ramiarison Herinjatovo Aimé, et la Cour des comptes.



Le Président de la Refondation de la République (PRRM), le colonel Michaël Randrianirina

Les Directeurs généraux et les Directeurs auprès du MEF ont présenté, à cette occasion, les mesures engagées pour améliorer les performances des administrations fiscale et douanière. Le Chef de l'État a, pour sa part, demandé un bilan précis des résultats obtenus, des difficultés persistantes et des moyens nécessaires à la poursuite des réformes. L'un des objectifs annoncés consiste à porter le taux de pression fiscale à 12 % du produit intérieur brut (PIB) dès 2027. Pour y parvenir, les autorités entendent renforcer les contrôles, réduire les pertes de recettes et lutter contre la fraude. La modernisation des procédures constitue un autre levier. La plateforme TOROHY, destinée au signalement des faits de fraude et de corruption, ainsi que les paiements dématérialisés et les portefeuilles électroniques doivent contribuer à améliorer la traçabilité des opérations et à limiter les interventions manuelles.

Les échanges ont également porté sur la responsabilisation des gestionnaires publics. Des contrats de performance et des conventions d'objectifs doivent permettre d'évaluer les administrations à partir de résultats mesurables. Le régime des exonérations fiscales devrait aussi faire l'objet d'un examen plus strict, afin de vérifier que les avantages accordés aux entreprises génèrent des retombées économiques suffisantes pour compenser les recettes auxquelles l'État renonce. La Cour des comptes est appelée à contribuer davantage au suivi de la collecte et de l'utilisation des fonds publics. Le Président a, par ailleurs, insisté sur la maîtrise des dépenses, la réduction des gaspillages et le contrôle des coûts d'externalisation. Outre les réformes administratives, l'Exécutif mise sur une meilleure gouvernance financière pour consolider les équilibres économiques.

Enfin, le Président a appelé les différents responsables à renforcer leur vigilance face aux risques de déstabilisation économique et sociale. Il a insisté sur la nécessité d'anticiper les difficultés susceptibles de compromettre les efforts engagés pour redresser les finances publiques et stabiliser l'économie nationale. Il a notamment mis en garde contre les conséquences que pourraient avoir certaines initiatives ou pratiques susceptibles de fragiliser les équilibres économiques. «Les responsables publics devraient rester attentifs aux signaux de tension, tout en veillant à préserver la continuité des opérations administratives et financières», a conclu le PRRM.

Une priorité pour le Gouvernement

Le Gouvernement entend limiter les effets de la hausse du coût de la vie en maintenant les prix des carburants et en préservant les exonérations fiscales sur le riz et l'huile. Cette politique vise à contenir les pressions sur le pouvoir d'achat des ménages et à préserver la stabilité sociale, dans un contexte économique marqué par des tensions sur les prix.



Le Ministre de l'Économie et des Finances, Dr Ramiarison Herinjatovo Aimé, a présenté ces mesures comme des leviers de protection du pouvoir d'achat. Le maintien des prix à la pompe et des exonérations sur deux produits de consommation courante traduit la volonté des autorités de limiter la répercussion des coûts sur les dépenses des ménages. Cette orientation comporte néanmoins des enjeux budgétaires. Le maintien des prix des carburants et les exonérations fiscales peuvent réduire les marges de manœuvre des finances publiques, selon les mécanismes retenus pour leur financement. Leur soutenabilité dépendra notamment de l'évolution des cours internationaux et des ressources disponibles.

Le Ministre a également mis en avant la stabilité du taux de change et le niveau des réserves de change. Ces indicateurs constituent, selon lui, des facteurs de confiance pour les investisseurs. Ils contribuent à renforcer la capacité du pays à financer ses achats extérieurs et à limiter les incertitudes liées aux fluctuations monétaires. Rappel a enfin été fait que l'enjeu pour les autorités consiste à concilier la protection du pouvoir d'achat, la préservation des équilibres macroéconomiques et l'attractivité de l'économie.

ADMINISTRATION DOUANIÈRE

La lutte contre la corruption s'intensifie

Le Ministère de l'Économie et des Finances (MEF) poursuit son programme de renforcement de la transparence et de lutte contre la corruption au sein de l'administration douanière. Une délégation ministérielle a effectué, le 28 octobre 2026, une visite inopinée à l'aéroport de Fascène, à Nosy Be, après une première opération à Ivato - Antananarivo.



Conduite par le Directeur de cabinet du MEF, accompagné par le Directeur général des Douanes, la mission a porté sur l'amélioration des conditions de travail des agents et le renforcement des dispositifs de contrôle et de lutte contre la corruption. Des équipements ont été remis aux services locaux, tandis que les orientations du Ministère en matière d'intégrité et de qualité du service public ont été communiquées aux équipes. Les échanges ont également permis de recueillir les difficultés rencontrées par les agents et de préciser les objectifs opérationnels de l'administration douanière. La Direction générale a notamment rappelé les exigences de probité dans l'exercice des missions de contrôle et de collecte des recettes publiques. Cette démarche doit être étendue aux autres services douaniers et installations portuaires du pays.

Le MEF entend ainsi associer le renforcement des moyens matériels à une plus grande rigueur dans les pratiques professionnelles. L'efficacité de cette politique dépendra notamment de son application effective et de la régularité des contrôles internes. Rappelons qu'avant la mission de Nosy Be, la visite inopinée, effectuée le 27 octobre à l'aéroport international d'Ivato avait déjà permis de transmettre les consignes des plus hautes autorités, d'examiner les réalités du terrain et d'échanger avec les agents sur les difficultés rencontrées ainsi que sur les améliorations à apporter. «Renforcer la transparence des opérations, responsabiliser les agents et améliorer le service rendu aux usagers : ces priorités structurent la feuille de route du Ministère pour intensifier la lutte contre la corruption sous toutes ses formes. Elles traduisent les instructions données par le Président de la Refondation de la République de Madagascar lors de la réunion tenue à Ivato le 20 octobre 2026», a-t-on souligné à cette occasion.

Des tablettes et caméras embarquées ont été remises par les responsables pour une utilisation immédiate dans les zones d'arrivée et de départ. Outre les moyens matériels, la démarche repose sur une obligation essentielle : le devoir d'alerte. Chaque agent doit signaler sans délai les faits ou incidents dont il a connaissance et en rendre compte aux autorités hiérarchiques concernées. Cette remontée d'information doit permettre une prise de décision rapide et un suivi effectif des situations signalées. Les responsables ont également rappelé la fermeté du Ministère face à la corruption et aux infractions qui lui sont assimilées.

CENTRE DE FORMATION ET DE PERFECTIONNEMENT EN FINANCES PUBLIQUES (IPFP)



5 e SESSION DE FORMATION

Exécution budgétaire & Programmation budgétaire

Compte tenu de la date de clôture des engagements des dépenses, les dates de la dernière session sont modifiées.

Exécution budgétaire de A à Z

16 au 20
novembre 2026

Au lieu du 2 au 6 décembre 2026

Programmation budgétaire annuelle

01er au 03
décembre 2026

Au lieu du 11 au 13 décembre 2026

Inscrivez-vous!

Scannez le code QR pour accéder au formulaire d'inscription.

L'INFO en BREF

INSTAT - RGPH 4

Madagascar est appelé à disposer de données fiables sur sa population et ses conditions de vie afin de pouvoir répartir équitablement les services publics et orienter les investissements. Le Recensement Général de la Population et de l'Habitation (RGPH) fournira cette base essentielle à la planification du développement dans toutes les régions du pays. Madagascar prépare actuellement la 4è opération de ce genre, le RGPH-4, dont le dénombrement est prévu en 2028. Ainsi, l'Institut National de la Statistique (INSTAT), avec l'appui technique et financier de l'UNFPA, a organisé les 5 et 6 novembre 2026 un atelier technique consacré à l'élaboration du plan d'action pour la mobilisation des ressources nécessaires au RGPH-4.



DISPOSITIFS SERP ET DEM

Madagascar prépare deux dispositifs complémentaires, le « Socio-Economic Response Plan » (SERP) et le « Development Emergency Modality » (DEM), dans le cadre de sa stratégie de relance économique 2027-2028. Leur élaboration s'appuie notamment sur les travaux du Plan de relance économique (PRE), dont les indicateurs ont été examinés du 19 au 22 octobre 2026 à Antsirabe, avec l'appui du PNUD. Le PRE vise une croissance de 7,3 % et la création de 40 593 emplois. Le SERP ciblera prioritairement l'énergie, tandis que le DEM portera sur le renforcement des mécanismes de protection sociale face aux crises.

TRANSPORT ROUTIER

Le Ministère de l'Économie et des Finances (MEF) a réaffirmé, le 4 novembre 2026 à Ankorondrano - Antananarivo, son soutien à l'amélioration du transport routier de marchandises. Lors d'un atelier international organisé avec l'Association mondiale de la route (PIARC), les échanges ont porté sur la sécurité et la résilience des infrastructures face aux risques de dégradation. La rencontre a également permis de présenter l'initiative « Smart Clean Cooking », consacrée à la promotion de solutions de cuisson propres et durables.

EVALUATION DE L'ACTION PUBLIQUE - GNaSE

Le Ministère de l'Économie et des Finances (MEF) engage l'élaboration d'un Guide national de suivi et d'évaluation (GNaSE), destiné à renforcer le pilotage et la mesure des résultats de l'action publique à Madagascar. Le projet est conduit par la Direction générale de l'Économie et du Plan, avec l'appui de l'UNICEF et du Programme de réforme pour l'efficacité de l'administration (PREA). Ce référentiel doit notamment permettre de mieux apprécier les effets des politiques publiques, de rationaliser l'utilisation des ressources budgétaires et d'améliorer la transparence dans la gestion des programmes de l'État. Il vise également à fournir aux décideurs des données fiables pour orienter les investissements, identifier les insuffisances et adapter les interventions en fonction des résultats obtenus. L'initiative s'inscrit dans le cadre de la Politique générale de l'État pour la Refondation (PGE-R), dont la mise en œuvre opérationnelle est définie dans le Programme de mise en œuvre (PMO/PGE-R).

Mazava ny tanjona

Mikendry ny hampiakatra ny tahan’ny fitomboana ara-toekarena ho 5,1 % i Madagasikara amin’ny taona 2027, raha vinavinaina ho 4,1 % izany amin’ny taona 2026. Tafiditra ao anatin’ny Volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana 2027 (PLF 2027) io tanjona io, izay maneho ny finiavan’ny Fitondrana hanamafy ny anjara toeran’ireo sehatra mpamokatra eo amin’ny toekarem-pirenena. Nambaran’ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Dr Ramiarison Herinjatovo Aimé, nandritra ny fihaonana tamin’ny mpanao gazety ny 9 novambra 2026, izany vinavina izany.



Anisan’ny andrasana hitondra anjara biriky lehibe amin’io fitomboana io ny sehatry ny fambolena. Tsy ny fampitomboana ny vokatra ihany no kendrena, fa ny fanatsarana ny sandany ara-barotra amin’ny alalan’ny fanodinana azy eto an-toerana ihany koa. Izany paikady izany dia mikendry ny hampitombo ny tombontsoa ara-toekarena azo avy amin’ny vokatra malagasy, hampiroborobo ny asa famokarana ary hampihena ny fiankinan-doha amin’ny vokatra voahodina avy any ivelany.

Eo amin’ny sehatry ny indostria, anisan’ny sehatra heverina fa afaka manohana ny fitomboana ny famokarana lamba sy ny fanamboarana akanjo. Sehatra manana fahafahana mamorona asa sy mampitombo ny vokatra aondrana izy io, ka antenaina hampiroborobo ny asa indostrialy sy hanamafy ny fandraisan’anjaran’ny orinasa eto an-toerana amin’ny rojo famatsiana. Hisy ihany koa ny fampiasam-bola amin’ny sehatry ny teknolojia nomerika, indrindra ny tolotra mifandraika amin’ny angona sy ny fifandraisan-davitra, manomboka amin’ny taona 2027. Tafiditra ao anatin’ny paikady hanitarana ny sehatra vaovao mpamokatra sy hanamafisana ny fotodrafitrasa manohana ny asa ara-toekarena izany. Ny fanamby dia ny hamadika ireo vinavina ireo ho vokatra azo tsapain-tanana, amin’ny alalan’ny fampiasam-bola sy ny fampitomboana ny fahafahan’ny sehatra famokarana.

Fanamby iraisana lehibe

Ny loharanom-bolam-panjakana sy ny fanaraha-maso ny fampiasana azy no nifantohan’ny fihaonana notanterahina ny 9 novambra 2026, tao amin’ny Lapam-panjakana lavoloha. Nihaona tamin’ny Filohan’ny Fanavaozana ny Repoblika, Kolonely Michaël Randrianirina, notronin’ireo Mpanolotsaina telo mirahalahy, ny tompon’andraikitra eto anivon’ny Ministeran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola (MEF), notarihin’ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Dr Ramiarison Herinjatovo Aimé, ary ny Fitsarana misahana ny Kaonty.



Filohan’ny Fanavaozana ny Repoblika, Kolonely Michaël Randrianirina,

Nandritra izany, nanao tatitra momba ireo fepetra noraisina hanatsarana ny fahombiazan’ny sampandraharahan’ny hetra sy ny ladoany ireo Tale jeneraly sy Tale eo anivon’ny MEF. Nangataka kosa ny Filohan’ny Fanavaozana ny Repoblika ny hanaovana tombana mazava momba ny vokatra azo, ireo sakana mbola misy ary ny fitaovana ilaina hanohizana ny fanavaozana. Anisan’ny tanjona napetraky ny Fitondrana ny fampiakarana ny tahan’ny hetra raha oharina amin’ny harinkarena faobe (PIB) ho 12% amin’ny taona 2027. Mba hahatratrarana izany dia kasaina hamafisina ny fanaraha-maso, ferana ny fahaverezan’ny vola miditra amin’ny kitapom-bolam-panjakana ary hatsaraina ny ady amin’ny hosoka sy ny fandikan-dalàna ara-ketra. Tafiditra ao anatin’izany ny fanavaozana ny fomba fiasa sy ny fampiasana ny teknolojia nomerika.

Eo amin’io lafiny io dia hanampy amin’ny fanamafisana ny mangarahara sy ny fahafahana manara-maso ny fivezivezen’ny vola ny sehatra TOROHY, natao handraisana ny tatitra momba ny hosoka sy ny kolikoly. Hotohizana ihany koa ny fampiasana ny fandoavam-bola elektronika sy ny poketra nomerika, mba hampihenana ny fifampiraharahana mivantana sy ny mety hisian’ny tsy fanarahan-dalàna. Nodinihina nandritra ny fihaonana ihany koa ny fanamafisana ny tamberin’andraikitry ny mpitantana volam-panjakana. Hapetraka ny fifanarahana momba ny fahombiazana sy ny tanjona, hahafahana manombana ny asan’ireo sampandraharaha amin’ny alalan’ny vokatra azo refesina.

Hojerena akaiky koa ny fanomezana fanafahana amin’ny hetra ho an’ny orinasa, mba hahazoana antoka fa mifanaraka amin’ny tombontsoa ara-toekarena aterany ny vola miditra afoin’ny Fanjakana. Anjara toerana lehibe amin’ny fanaraha-maso ny fanangonana sy ny fampiasana ny volam-panjakana kosa no andrasana amin’ny Fitsarana momba ny Kaonty. Etsy ankilany, nasongadin’ny Filohan’ny Fanavaozana ny Repoblika ny tokony hifehezana ny fandaniana, hampihenana ny fandaniam-poana ary hanaraha-maso akaiky ny saram-pandraharahana ampanaovina orinasa ivelany.

Ankoatra ireo fanavaozana ara-pitantanana, nohamafisiny ny maha-zava-dehibe ny fitantanana ara-bola mahomby ho fototry ny fanamafisana ny fifandanjana ara-toekarena. Niantso ireo tompon’andraikitra ihany koa izy mba ho mailo amin’ny mety ho fikorontanana ara-toekarena sy ara-tsosialy, ary handray fepetra mialoha manoloana ireo famantarana mety hampidi-doza ny fitoniana. Tanjona, araka izany, ny hiantohana ny fitohizan’ny asa ara-pitantanana sy ara-bola, sady hanamafisana ny ezaka fanarenana ny volam-panjakana.

Hampitombo ny vola miditra amin’ny kitapom-bolam-panjakana

Mikendry ny hiaro ny famokarana eto an-toerana sy hampitombo ny vola miditra amin’ny kitapom-bolam-panjakana ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana voalohany (PLFI) 2027. Ahitana fanitsiana maro momba ny hetra sy ny haba amin’ny fanafarana entana avy any ivelany izany, ankoatra ny fanavaozana ny fomba fanangonana ny vola miditra.



Eo amin’ny sehatry ny indostria, kasaina hampiakarina ho 30 %, raha 20 % teo aloha, ny haba amin’ny fanafarana vokatra vita sasany. Anisan’izany ny vatomamy, sôkôla, biscuit, zava-pisotro, labiera, trondro am-bifotsy ary savony. Tanjona ny hanamafy ny fifaninanana eo amin’ireo orinasa mpamokatra eto an-toerana sy hampiroborobo ny fanodinana akora eto Madagasikara. Eo koa ny hetra manokana amin’ny vokatra kosmetika sy kojakoja fanadiovana sasany, izay 5 % ho an’ny vokatra eto an-toerana, raha 10 % kosa ho an’ny entana avy any ivelany.

Misy ihany koa ny fanitsiana natao indrindra hampitomboana ny vola miditra amin’ny Fanjakana. Hiakatra avy amin’ny 20 % ho 30 % ny haba amin’ny fanafarana finday avo lenta sy fitaovana elektronika mifandray amin’ny tambajotra. Kasaina hampitoviana amin’ny an’ny lasantsy ihany koa ny hetra amin’ny gazoala, ka hiakatra avy amin’ny 228 ariary ho 503 ariary isaky ny litatra. Anisan’ny voakasika koa ny haba amin’ny visa sy ny fetra farany ambany amin’ny hetra amin’ny karama (IRSA), izay kasaina hampiakarina avy amin’ny 3 000 ariary ho 5 000 ariary.

Araka ny vinavina, tombanana hahazoana 305,69 lavitrisa ariary fanampiny ny fanitsiana ny saranketra amin’ny taona 2027. Etsy ankilany, antenaina hitondra 57,9 lavitrisa ariary ny fampiharana ankapobeny ny faktiora elektronika, raha 41,83 lavitrisa ariary kosa ny marika nomerika amin’ny zava-pisotro misy alikaola sy ny sigara. Tombanana hahatratra 302,9 lavitrisa ariary ny vola fanampiny azo avy amin’ny fepetra ara-pitantanana. Tsara ny manamarika fa ny tanjona voalohany amin’ireo fanavaozana samihafa dia ny hanentana ny loharanon-karena ilaina mba hamatsiana ireo tetikasa misy fiantraikany mivantana amin’ny fiainan’ny mponina.

Mihamafy ny ady amin’ny kolikoly

Tohizan’ny Minisiteran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola (MEF) ny fanamafisana ny mangarahara sy ny ady amin’ny kolikoly eo anivon’ny Fadintseranana Malagasy. Ny 28 oktobra 2026, nisy delegasiona avy amin’ny Minisitera nanao fitsidihana tsy nampoizina tao amin’ny seranam-piaramanidina Fascène, Nosy Be, taorian’ny hetsika voalohany teny Ivato – Antananarivo.



Notarihin’ny Talen’ny Kabinetran’ny MEF niaraka tamin’ny Tale Jeneralin’ny Fadintseranana ity iraka ity, izay nifantoka tamin’ny fanatsarana ny fiasan’ireo mpiasa sy ny fanamafisana ny rafitra fanaraha-maso. Nisy fitaovana natolotra ho an’ireo rantsana tao an-toerana, ary nampahafantarina ny ekipa ireo torolalana momba ny fahitsiana sy ny kalitaon’ny asam-panjakana. Nohamafisin’ny Tale Jeneraly manokana ny fitakiana ny fahamendrehana amin’ny fanatanterahana ny asa fanaraha-maso sy ny fanangonana ny fidiram-bolam-panjakana. Hitarina any amin’ny toeran-kafa sy ny seranan-tsambo manerana ny nosy izao ezaka izao.

Ny MEF dia mikendry ny hampiaraka ny fanomezana fitaovana amin’ny fampiharana fepetra henjana hiadivana amin’ny kolikoly eo anivon’ny Fadintseranana Malagasy. Ny fahombiazan’izany politika izany dia miankina amin’ny fampiharana azy sy ny fahamaroan’ny fanaraha-maso anatiny. Tsiahivina fa ny 27 oktobra tany Ivato dia efa nampitana ny torolalana avy amin’ny manam-pahefana ambony mba hanamafisana ny mangarahara, hampitomboana ny andraikitry ny mpiasa ary hanatsarana ny tolotra. Ireo laharam-pahamehana ireo dia mandrafitra ny politika hamongorana ny kolikoly, araka ny toromarika nomen’ny Filohan’ny Fanavaozana ny Repoblika tamin’ny fivoriana nototosaina ny 20 oktobra 2026.

Mba ho fampiharana izany avy hatrany dia nisy «tablettes» sy «caméras embarquées» natolotra hampiasainaenyamin’nyfaritrynyfahatongavana sy ny fiaingana. Ankoatra izany, misy adidy lehibe napetraka amin’ny mpiasa tsirairay : ny fampandrenesana haingana ny ambaratongam-pahefana raha vao misy tranga mampiahiahy. Nampatsiahivin’ireo tompon’andraikitra ihany koa ny fijoroana amin’ny fepetra hentitra nofidin’ny Minisitera manoloana ny kolikoly sy ny fandikan-dalàna mifandraika amin’izany.



DIRECTION GENERALE DES IMPOTS

FIFANINANA
handraisana
Mpandraharahan'ny hetra

21 - 24 desambra 2026

Documentations/
Ressources/
Recrutement

www.impots.mg

FITATERANA ENTANA

Andrin'ny fampandehanana ny toekarena

Manohana ny fanatsarana ny fitaterana entana an-dalambe ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola (MEF), noho ny anjara toerana lehibe sahanin'izany eo amin'ny fampandehanana ny toekarena. Ny fahatsaran'ny lalana sy ny fiarovana azy mantsy dia anisan'ny fepetra ahafahana manamora ny fivezivezen'ny entana, miantoka ny famatsiana ny tsena ary mampifandray ny mpamokatra amin'ny mpanjifa. Manampy amin'ny fampihenana ny sakana ara-pitaovana sy ny fandaniana amin'ny fitaterana ihany koa izany.



Nifantoka tamin'izany ny atrikasa iraisam-pirenena TC 2.3, izay notanterahina niaraka tamin'ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Lalana (PIARC), ny 4 novambra 2026, teny Ankorondrano. Nandray anjara tamin'ity fihaonana ity ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Dr Ramiarison Herinjatovo Aimé. Anisan'ny votoatin'ny dinika ny fifanakalozana traikefa sy ny fitadiavana vahaolana hanamafisana ny faharetan'ny fotodrafitrasa sy ny fiarovana ny tambajotran-dalana. Notsindriana manokana ny tokony hiantohana ny fitohizan'ny fitaterana entana, na eo aza ny loza voajanahary sy ny fahasimbana mety hiseho amin'ny lalana sy ny fotodrafitrasa. Zava-dehibe amin'ny sehatry ny varotra sy ny famokarana izany, satria mety hisy fiantraikany mivantana amin'ny famatsiana sy ny vidin'entana ny fahatapahan'ny lalam-pitaterana.

Ankoatra ny resaka fotodrafitrasa, dia nampahafantarina nandritra ny fihaonana ihany koa ny hetsika « Smart Clean Cooking ». Tetikasa mikendry ny hampiroborobo ny fampiasana fitaovana fandrahoan-tsakafo madio sy maharitra izy io, mba hampihenana ny fianteherana amin'ny angovo mandoto sy hanatsarana ny fari-piainan'ny tokantrano. Samy tafiditra ao anatin'ny ezaka fampandrosoana maharitra ireo hetsika roa ireo. Ny fanatsarana ny fitaterana entana sy ny fampiroboroboana ny angovo madio dia heverina ho singa afaka manohana ny asa famokarana, ny varotra ary ny fanatsarana ny fiainan'ny mponina. Miankina amin'ny fanatanterahana ny tetikasa sy ny fahafahan'ny mpisehatra rehetra miara-mientana anefa ny fahatrarana izany tanjona izany.

Fitomboan’ny harinkarena faobe ho 7,3 % ny tanjona

Miditra amin’ny dingana famaranana ny fanomanana ny Drafitra Fanaingana ny Toekarena (PRE) ho an’i Madagasikara mandritra ny taona 2027-2028. Kendrena amin’izany ny hampiakatra ny tahan’ny fitomboan’ny harinkarena faobe ho 7,3 % sy ny hamorona asa miisa 40 593. Tafiditra ao anatin’ny paikady ihany koa ny fanamafisana ny fahafahan’ny toekarena miatrika ny krizy sy ny loza mety hisy fiantraikany amin’ny famokarana.



Ho fanomanana izany, dia nisy atrikasa ara-teknika notanterahina tany Antsirabe, faritra Vakinankaratra, ny 19 ka hatramin’ny 22 oktobra 2026. Ny Minisiteran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola (MEF), tamin’ny alalan’ny Foibem-pitondrana Ankapoben’ny Toekarena sy ny Drafitrasa (DGEP), no nikarakara ny fihaonana niaraka tamin’ny fanohanan’ny Fandaharanasan’ny Firenena Mikambana momba ny Fampandrosoana (PNUD).

Nandray anjara tamin’ny fandinihana sy fanatsarana ireo mari-pandrefesana ampiasaina amin’ny fanaraha-maso ny PRE ireo teknisianina avy amin’ny DGEP sy ny solontenan’ny Minisiteran’ny Angovo sy ny Akoranafo, ny Biraon’ny Malagasy misahana ny Akoranafo (OMH), ary ny Ivon-toeram-pirenena momba ny Antontan’isa (INSTAT). Tanjona ny hamaritana ireo mari-pandrefesana mazava sy azo tsapain-tanana, ahafahana manombana ny vokatra azo mandritra ny fanatanterahana ny drafitra.

Nodinihina nandritra izany ihany koa ny fampifandraisana ny PRE amin’ny paikady roa hafa, dia ny « Socio-Economic Response Plan » (SERP) sy ny « Development Emergency Modality » (DEM). Ny SERP dia hifantoka indrindra amin’ny sehatry ny angovo, izay anisan’ny fototra iankinan’ny famokarana sy ny fampandehanana ny asa ara-toekarena. Ny DEM kosa dia mikendry ny hanamafy ny rafitra fiarovana ara-tsosialy, mba hahafahan’ny mponina miatrika ny vokatry ny krizy sy ny dona ara-toekarena. Miankina amin’ny fahafahan’ny Fanjakana sy ny sehatra tsy miankina miara-miasa, ny fisarihana fampiasam-bola ary ny fanatsarana ny fitantanana ny fanatanterahana ireo tanjona ireo. Ho fanamby lehibe araka izany ny famadihana ireo vinavina ho vokatra azo tsapain-tanana ho an’ny toekarena sy ny mponina.

INSTAT - RGPH-4

Manomana ny Fanisana Ankapoben'ny Mponina sy ny Toeram-ponenana (RGPH-4) i Madagasikara, izay vinavinaina hotanterahina amin'ny taona 2028. Tao anatin'izany, nanatanteraka atrikasa ara-teknika ny INSTAT sy ny Tahirim-bolan'ny Firenena Mikambana momba ny Mponina (UNFPA), ny 5 sy 6 novambra 2026, tao amin'ny Hôtel Grand Mellis Analakely. Nifantoka tamin'ny famolavolana antontan-kevitra hitadiavana sy hanangonana ny famatsiam-bola ilaina amin'ny fanatanterahana ny fanisana izany. Kendrena ny hahazoana antontanisa azo antoka momba ny isan'ny mponina sy ny toe-piainany, ho fototra amin'ny fandrafetana ny politika sy ny fandaharanasa fampandrosoana ary ny fitsinjarana ara-drariny ny fampiasam-bolam-panjakana manerana ny Nosy.



FIARAHA-MIASA AMIN'NY JAPANA

Nahazo fanomezana tsy averina mitentina 8,6 lavitrisa ariary (300 tapitrisa yens) avy amin'ny Governemanta japoney ny Oniversiten'Itasy. Ity famatsiam-bola ity dia natokana handinihana sy hamakafakana ny harena an-kibon'ny tany, indrindra ny grafita sy ny béryllium, amin'ny alalan'ny fitaovana maoderina. Tafiditra ao anatin'ny Fandaharan'asa Fampandrosoana ara-Toekarena sy ara-Tsosialy 2026 izao tetikasa izao. Hanampy sy hanamafy ny fanofanana ireo mpikaroka ary mpianatra malagasy izany mba ho lasa manampahaizana ambony. Tanjona ny hahafantarana tsara ny harena misy eto amintsika sy ny fampiasana azy amin'ny fampandrosoana ny indostria eo an-toerana sy ny firenena.



KABARY MEF IRAY

Notanterahina ny 6 novambra 2026, teny amin'ny Plan Anosy, ny lanonana fanolorana mari-pankasitrahana ho an'ireo mpikabary vaovao miisa 22. Avy amin'ny andiany « Emboka » sy « Enimangamanga » izy ireo, ary nokarakarain'ny Taranja Kabary MEF IRAY. Ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana, Randrianjafy Antoine, izay sady ray mpiahy no nisolo tena ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, no nitarika ny lanonana. Nambarany fa manandratra ny soatoavina malagasy sy mampirehareha ny fivoahan'ireo mpikabary ireo ao amin'ny MEF.

HETSIKA UNIVERSIADE

Notontosaina tao Antsirabe ny 7 sy 8 novambra 2026 ny hetsika Universiade, izay mampivondrona ireo mpianatry ny Oniversite manerana ny Nosy amin'ny



alalan'ny fanatanjahan-tena sy ny kolontsaina. Nandritra ireo lalao manasa-dalana tamin'ny baolina kitra sy basket ball (lahy sy vavy), nanatrika ny lalao teo amin'ny Oniversiten'Antananarivo sy Mahajanga (vehivavy) ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Dr Ramiarison Herinjatovo Aimé. Nandresy 2-0 ny ekipan'i Mahajanga, ka hihaona amin'ny Oniversiten'i Toliara amin'ny lalao famaranana ny 8 novambra.


DGEP - GNaSE

Mikarakara ny famolavolana ny Torolalana Nasionaly momba ny Fanaraha-maso sy ny Fanombanana (GNaSE) ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola (MEF), amin'ny alalan'ny Foibem-pitondrana Ankapoben'ny Toekarena sy ny Drafitrasa (DGEP), miaraka amin'ny fanohanan'ny UNICEF sy ny PREA. Tanjona ny handrefesana ny vokatra azo avy amin'ny politikam-panjakana, hanatsarana ny fampiasana ny tetibola ary hampitomboana ny mangarahara. Hanampy ireo mpanapa-kevitra handray fanapahan-kevitra mifototra amin'ny antontan'isa azo antoka ity fitaovana ity. Tafiditra ao anatin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana momba ny Fanavaozana (PGE-R) izany, ka ny fanamby dia ny fampiharana azy manerana ny sampan-draharaham-panjakana.

FITONIANA ARA-TOEKARENA SY ARA-TSOSIALY

Tsy hampiakarina ny vidin-tsolika ary hotohizana ny tsy fampiharana hetra amin'ny vary sy menaka. Anisan'ny fepetra noraisin'ny Governemanta ireo, mba hifehezana ny fiakaran'ny vidim-piainana sy hiarovana ny fahefa-mividin'ny tokantrano. Nohamafisin'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Dr Ramiarison Herinjatovo Aimé, fa singa fototra amin'ny fampandrosoana ny fitoniana ara-tsosialy sy ara-politika ary ara-toekarena. Manana tahirim-bola vahiny mahazaka fanafarana entana mandritra ny fito volana i Madagasikara, raha telo volana no fetra takiana. Mari-toerana ihany koa ny tahan'ny fifanakalozam-bola, ka manamafy ny fitokisan'ny mpiara-miombon'antoka sy ny fahafahana misarika fampiasam-bola izany.

Écho des Régions



VAKINANKARATRA - EXECUTION BUDGETAIRE

Le Ministre de l'Économie et des Finances, Dr Ramiarison Herinjatovo Aimé, a rencontré le 8 novembre 2026, à Antsirabe, les responsables et agents de son département dans la région Vakinankaratra. Cette visite a été l'occasion de saluer les résultats obtenus par les services régionaux, notamment en matière d'exécution budgétaire. Le Ministre a exprimé sa reconnaissance pour le travail accompli et encouragé les équipes à maintenir leurs efforts. Il a également insisté sur l'importance de la collaboration et de l'engagement collectif au service du développement national.

SAVA - CONTRÔLE FINANCIER

Les acteurs de la gestion des finances publiques de la région SAVA ont participé, vendredi 6 novembre, à une séance d'échanges avec la direction générale du Contrôle financier, conduite par son directeur général, IGE Jacques Roland Rakotoarison. La rencontre a porté sur le renforcement des compétences des intervenants, l'élargissement de leurs connaissances et la consolidation du rôle du Contrôle financier. Les discussions ont également souligné l'importance de la coordination et de la coopération entre les différentes structures concernées. Des orientations et rappels réglementaires ont été présentés afin de veiller à la conformité des opérations aux règles en vigueur et d'améliorer la gestion des finances publiques.

ALAOTRA MANGORO - ÉPARGNE

La Journée mondiale de l'Epargne a été célébrée le 30 octobre 2026 à Ambatondrazaka, dans la région Alaotra-Mangoro, par une marche réunissant établissements scolaires, associations, entreprises financières et partenaires. La cérémonie, honorée par le préfet Stephen Weld Ranjakamanana, a été placée sous le thème « L'épargne, une garantie pour faire face aux difficultés ». Le MEF a été représenté par Hasina Rakotosalama, Directeur des Opérations Financières auprès de la Direction Générale du Trésor Public. Un débat réunissant acteurs régionaux, banques et assurances a souligné son rôle face aux défis économiques et climatiques. Les échanges ont également insisté sur la fixation d'objectifs, la sécurisation des économies et la vigilance contre les arnaques financières.

ITASY - COOPERATION AVEC LE JAPON

Le gouvernement japonais accorde un don non remboursable d'environ 8,6 milliards d'ariary (300 millions de yens) à l'Université d'Itasy pour renforcer ses capacités de recherche sur les ressources minières, notamment le graphite et le béryllium. Le financement permettra d'acquérir des équipements modernes destinés aux chercheurs et aux étudiants, tout en contribuant à la formation de spécialistes malgaches. L'accord a été formalisé au Ministère des Affaires étrangères, à travers la signature de deux documents par les représentants des deux pays et le Ministre de l'Économie et des Finances, Dr Ramiarison Herinjatovo Aimé.

ATSIMO-ANDREFANA - CONSULTATION BFM

Banky Foiben'i Madagasikara (BFM) a organisé, le 24 octobre dernier à Toliara, une consultation régionale sur l'avenir des billets de banque et des pièces de monnaie à Madagascar. La rencontre a réuni autorités locales, représentants de l'État, opérateurs privés, acteurs économiques, jeunes et citoyens. Les discussions ont notamment porté sur une éventuelle suppression de zéros dans la monnaie, l'émission de billets de valeur faciale supérieure, ainsi que la qualité et la durabilité des billets et des pièces. Les participants ont également souligné la nécessité de renforcer la sensibilisation et de prévoir des mesures d'accompagnement adaptées en cas de réforme monétaire.

La Quinzaine en chiffres

PLFI 2027 • FANAZAVANA

IRSA : Inona no tena miova ?

2022	PLFI 2027
3 000 Ar	**5 000 Ar**
IRSA farany ambany	IRSA farany ambany atolotra
Karama farany ambany **200 000 Ar**	Karama farany ambany nakarina ho **315 000 Ar** nanomboka ny oktobra 2026
1,50 %	**1,58 %**

Tsy miova ny tahan'ny IRSA miandalana arakaraka ny sokajin'ny vola miditra.

Mbola volavolan-dàlàna dinihin'ny Antenimierampirenena ny PLFI 2027.

5,1%
en 2027

5,1% en 2027, contre 4,1% estimés pour 2026, c'est le taux de croissance de l'économie projetée par le Gouvernement.

57,9
milliards d'ariary

57,9 milliards d'ariary de recettes publiques devraient être générés en 2027 grâce à la généralisation de la facturation électronique, tandis que le marquage numérique des boissons alcooliques et des cigarettes représenterait un potentiel de 41,83 milliards

305,69
milliards d'ariary

305,69 milliards d'ariary de recettes supplémentaires sont attendus en 2027 pour l'ensemble des modifications prévues au niveau du tarif douanier.

88%
de taux d'exécution budgétaire

88% de taux d'exécution budgétaire, c'est la performance enregistrée par le Ministère de l'Economie et des Finances (MEF) à la date du 9 novembre 2026.

Agenda

Recrutement DGI

21 au 24 décembre 2026 : Concours pour le recrutement de 90 Contrôleurs des Impôts et 130 Agents des Impôts.

Paiement de la TVA

15 novembre 2026 : Date limite fixée par la Direction Générale des Impôts pour le paiement de la Taxe sur la Valeur Ajoutée (TVA) et la TVA intermittente (TVAI).

Indice des Prix à la Consommation

1er janvier 2027 : Démarrage de la collecte des prix de base sur l'ensemble du territoire national dans le cadre du projet de rebasage de l'Indice des Prix à la Consommation (IPC) par les techniciens de l'INSTAT.



